



REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA

Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

MINISTERAN'NY NY FIOMPIANA

SEKRETARIA JENERALY

FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBE NY FIOMPIANA

**FOIBEM-PITONDRANA MIKASIKA NY HARENA MOMBA
NY BIBY**

TOROLALANA ANKAPOBENY NY FIOMPIANA KISOA

***" Famokarana ara-piompiana mahomby,
Loharanon'ny Fampanandrosoana "***



////////////////////////////////////

Direction des Ressources Animales

BP 291 – Tél. 22 400-11

[Ampandrionomby – Antananarivo \(101\)](#)

I- NY KARAZANA KISOA

- Ny kisoa zanatany
- Ny kisoa vahiny : toy ny Large White, Landrace
- Ny zafindraony

II- NY FITONDRANA NY FIOMPIANA

2.1- Ny toeram- piompiana :

- Toerana :

- Tsy anaty tanàna .
- Toerana maina , azon'ny masoandro ary tsy talakin-drivotra be loatra.
- Mifefy.
- Misy rano madio azo ampiasaina

2.2- Ny trano :

- Mihidy
- Ny maripana ao anaty trano dia tokony ho 18-22° C eo ho eo
- Voasimenitra ny fanambaniny ary somary mitongilana 1-2% hahamora ny fanadiovana
- Misy tatatra fanariandrano
- Tokony hifanaraka amin'ny fiompiana atao (mampiteraka, manatavy, mampiteraka no manatavy). Ho an'ny kisoa mitamba be dia azo raisina ho 0,8-1,2 m² isaky ny kisoa iray
- Tsy maintsy misy trano natokana ho an'ny biby vaovao (quarantaine). Io trano io dia mihataka ny trano misy ny fiompiana
- Tsy maintsy misy lava-jezika

2.3-.Ny fitaovana :

2.3.1-. Ny fitaovana amin'ny fiompiana :

Ny fitaovam-pihinanana sy fitaovam-pisotroana

2.3.2-. Ny fitaovam-pamokarana : Ohatra : Mizàna ,Siô

2.3.3-. Ny fitaovana fanadiovana : **lapelina, kifafa**

2.3.4- Ny fitaovam-pitsaboana :

Fitehirizana fanafody vonjy maika

2.4.- Ny sakafo

Anisan'ny iankinan'ny fahombiazana eo amin'ny fiompiana ny fanomezana sakafo aradalanà ny biby fiompy.

Fadio ny manome ranondolana sy ambin-tsakafo ny kisoa

Tsara raha omena amin'ny ora mitovy ny sakafo

2.4.1- Ny sokaji-tsakafo

- **Ny rano** : Rano madio tsy tapaka no omena ny kisoa

- **Sakafo** :

Amin'ny ankapobeny dia sakafo voavoatra na prôvandy izay misy otrik'aina ilain'ny kisoa.

Sakafo mitondra hery enti-mamokatra , proteina , vitamina sy mineraly.

Akoram-bokatra mitondra hery toy ny katsaka, ampombo, mangahazo, ...

Akoram-bokatra mitondra proteina toy ny faika, rà-kena, vovon-trondro, Lysine , methionine...

Akoram-bokatra mitondra mineraly toy ny taolana voadoro, akorandriaka, sira....

Akoram-bokatra mitondra vitamina toy ny katsaka mavo, ahi-maitso, CMV ,...

2.4.2-Ny filàna isan'andro isan-tsokajy

Sokajy	Filàna ara-kery Kcal ED/isan'andro	Filàna ara-proteina (g)	Filàna ara-mineraly (g)		Fatra (kg)	Rano (litatra)
			Ca	P		
Zanakisoa I 5,7 –8,8 kg	300-1750		4,5	3,2	0,15-0,5	1,5-2
Zanakisoa II 10-25 kg	1750-4200		7 –10,5	5 -8	0,8 –1,25	1,5-2

Kisoa atavezina 25-110 kg	4200-10.000	180-400	4,5-24	3,2-14	1,3 -3,1	4-7
Vantony	9000-9500		4,5-24	3,2-14	2,5 -3	4-7
Reninkisoa bevhoka	7500-8000		17-25	9-14	2,8 -3	15-20
Reninkisoa mampinono	18.700		34 -41	22 -27	0,5 -6	15-35
Lahikisoa	7500-8000		17-25	9-14	2,8-3	15

- Lanjan'ny sakafo lanin'ny kisoa rehetra ao amin'ny fiompiana

Daty	Lanjan'ny sakafo						Famaranana		
	Renikisoa		Zanakisoa					Kisoa atavezina	
	isany	Sakafo	Minono		Misara-nono			Isany	Sakafo
			Isany	Sakafo	Isany	Sakafo			
Totaliny									

- Kaontim-pitantanana (vola mivoaka, vola miditra)

N°	Antonantony	Sandany
	1-vola mivoaka	
	a-	
	b-	

	2-vola miditra a- b-	
	3-Vokatra azo (2-1)	

2.5- Ny fitaizana ny biby

2.5.1- Ny fikarakarana ny zanakisoa

Fotoana	Asa atao
Vao teraka	Fanapahana ny tadim-poitra
4 na 5 andro	- Atao tsindrona Fe - Fanapahan-drambo sy vangy - Omena sakafo vovon-dronono(aliment lactée)
15 andro	- Famosirana - Fizarana sakafo fanombohana
15 andro no mihoatra	- Famerenana ny tsindrona Fe raha hita fa mbola hatsatra ny zanakisoa - Fanazarana ny sakafo ho amin'ny fisarahanono - Fanalàna kankana (araka ny fampisarahanono)

2.5.2- Ny fikarakarana ny vantony

- Manomboka taitra izy amin'ny faha enimbolany
- Tokony hilanja 110-130 kg
- Amin'ny fahatairany faharoa vao ampanarahina
- Miverina ny fahatairany afaka 21 andro raha tsy bevohoka izy

2.5.3- Ny fikarakarana ny renikisoa

Fotoana	Fitondrana vohoka	Asa atao
-Iray volana mialoha hiterahana	85 andro	- Atao ny fanalana kankana - Tsindronina vit AD3E
2 herinandro mialoha ny hiterahany	100 andro	- Famerenana ny fanalàna kankana
1 herinandro mialoha ny hahaterahany	107 andro	Hidina ao amin'ny efitrano fiterahana rehefa avy nampandroina sy nalàna kantsetsitra
Ny andro iterahany	115 andro	- Ahena ny sakafony na tsy omena mihintsy aza - Omena rano betsaka - Atao mafana ny efitra fiterahana - Diovina ny zanakisoa - Arahi-maso ny finonoan'ny zanakisoa
Aorian'ny fiterahany		- Tsabolna ny reninkisoa raha toa ka ilaina

Roa andro-ka hatramin'ny fito andro aorian'ny fanasaraha-nono no miverina ny fahatairan'ny kisoa. Ampitomboina ny lanjan'ny sakafo omena ny reninkisoa raha hita fa mahia loatra izy, ka ny sokaji-tsakafo omena ny kisoa mampinono no omena azy. Afaka mamokatra ny renikisoa mandritry ny 3 taona eo ho eo

2.5.4 - Ny fikarakarana ny lahikisoa

- Afaka manaraka tsara izy rehefa feno 9-12 volana ka milanja 120-150 kg eo ho eo :in-2 isan'andro farafaha betsany.
- Ampitomboina ny sakafony amin'ny fotoana fampanarahana
- Afaka manaraka ny lahikisoa mandritry ny 3 taona eo ho eo

2.6- Ny fikajiana ny fahasalaman'ny biby

2.6.1- Ny fahadiovana

- Diovina sy fafàna isan'andro ny tranon-kisoa ;
- Diovina ihany koa ny fitaovana rehetra ampiasaina ;
- Diovina sy rarahana ranom-panafody ny trano ialàn'ny biby ary tsy ampiasaina 15 andro farafahakeliny (vide sanitaire) ;
- Zaraina isan-tsokajiny ny biby ompiana ;
- Tokony ampandroina indray mandeha isankerinandro ny biby ;
- Atoka-toerana ny biby vaovao.

2.6.2- Ny fiarovana ara-pahasalamana

Ny fanalàna katsetsitra anatin'ny sy ivelany dia atao :

- amin'ny biby vao tonga
- Indroa isan-taona ho an'ny lahikisoa sy ny renikisoa fakàna taranaka
- herinandro voalohany ny fanatavezana ho an'ny zanakisoa misara-nono

Ny vaksiny :

- Sovaxteschen : fanefitry ny ramoletaka. : atao amin'ny biby feno 45 andro na mihoatra, averina afaka 15 andro, famerenana isaky ny 8 volana
- Pneumoporc : fanefitry ny Empona : atao amin'ny biby feno 45 andro na mihoatra, famerenana isaky ny 3 volana
- Ramjivax :fanefitry ny Pesta kisoa : atao amin'ny biby feno 45 andro ,famerenana isan-taona

Marihina fa ny Pesta Kisoa Afrikana dia tsy misy vaksiny fanefitra .

Raha misy mampiahiahy dia manantona ny teknisianin'ny fiompiana

2.7-.Ny fitantanana

Tokony ahafehy ny masonkarenan'ny fiompiana ny mpiompy koa noho izany ilaina ny mandray antsoratra ny zava-mitranga rehetra ao amin'ny fiompiana.Mila manao santionana fisy amin' ny fiompiana kisoa :

- Fampiterahana (renikisoa sy ny zanany)

N° reni kisoa	Daty		Laha	Isan'ny			Lanjany *
	Fampa Nara hana	Hitera hana	ran'ny nitera hana	Teraka	Maty	Nisara nono	

- Fandehan'ny fiompiana kisoa misaranono sy atavezina

Daty nidirana	Misaranono			Manatavy		
	Isany	lanjany	Tombam bidiny	Isany	Lan jany	Tombamb idiny

* Lanjan'ny kisoa vao teraka sy ny lanjan'ny kisoa misaranono

Raha mila fanazavana bebe kokoa ianao, dia manatona ny teknisiana miandraikitra ny fiompiana akaiky anao indrindra.